Lesona 7: Henoy Izao!

A. Fampijaliana ny mpaminany

1. Ahoana no nilazan’i Jesosy ny fomba nitondrana ireo mpaminanin’Andriamanitra nandritra ny vanim-potoana samihafa? Matio 5:11-12, 23:37
2. Inona no fitondrana ratsy natao tamin’i Mosesy mpaminany? Nomery 12:1-2, 14:1-2, 10
3. Inona no fitondrana ratsy natao tamin’i Jaona Mpanao Batisa mpaminany? Marka 6:17-20, 21-29
4. Inona no fitondrana ratsy natao tamin’i Jesosy, ilay mpaminanin’Andriamanitra lehibe indrindra? Matio 26:67, 27:30-31
5. Iza koa no mpaminanin’Andriamanitra hafa izay nanaovana fitondrana ratsy noho ny nitenenany ny marina avy amin’Andriamanitra.
6. Mety tsy misy mpaminanin’Andriamanitra velona eo anivontsika ankehitriny, kanefa amin’ny fomba ahoana no mety hahatonga antsika ho meloka amin’ny fanaovana fitondrana ratsy ireo irak’Andriamanitra?
7. Lazao fotoana iray izay nanaovana fitondrana ratsy anao noho ianao nizara ny fahamarinana avy ao amin’ny Tenin’Andriamanitra.
8. Ahoana no tokony hataontsika raha anaovana fitondrana ratsy isika noho ny fizarana ny fahamarinana avy ao amin’ny Tenin’Andriamanitra amin’ny hafa? Matio 5:10-12, Lioka 6:23

B. Fanaovana tsinontsinona na famotehana ny hafatry ny mpaminany

1. Ahoana no nandraisan'ireo mpitarika ny Isiraely ny teny vavolombelona avy tamin'Andriamanitra izay nampitain'i Jeremia mpaminany? Jeremia 36:20-26
2. Ahoana no nitantaran'ny mpanoratra ny bokin'ny 2 Tantara (izay mety ho i Ezra) ny fomba nandraisan'ny zanak'Isiraely ireo hafatra avy tamin'ny mpaminany? 2 Tantara 36:15-16
3. Ahoana no nandraisan'ireo mpitarika Jiosy ny hafatra nampitain'i Stefana diakona, izay avy tamin'Andriamanitra? Asa 7:54-60
4. Zarao ny fotoana iray izay tsy netezanao nihaino hafatra avy amin'ny TOMPO.

D. Ny famindram-pon'Andriamanitra ho an'ireo zanany nania

1. Inona no navalin’ny TOMPO rehefa nodoran’ny Mpanjaka Joiakima ilay horonam-boky nisy ny hafatr’i Jeremia mpaminany? Jeremia 36:27-28
2. Jeremia 36:32 Hita fa niampy ilay horonam-boky faharoa. Inona araka ny hevitrao no mety ho nampiana tao anatin’io horonam-boky faharoa io?
3. Ahoana no fanehoana ny famindram-pon’Andriamanitra tamin’ny alalan’ny fitarihana ireo mpaminany mba hanoratra ny tantaran’ny fifandraisany tamin’ny zanak’olombelona, sy ny fomba nandraisan’ny olona ireo hafatra avy Aminy? 1 Korintiana 10:6-10
4. Inona no fampaherezana hitanao ao anatin’ilay teny fikasana voasoratra ao amin’ny 1 Korintiana 10:13?
5. Vakio ny vavaka nataon’i Davida mpanao Salamo, izay voarakitra ao amin’ny Salamo 86:3-5. Inona koa ireo andininy hafa ao amin’ny Baiboly mampahatsiahy antsika ny amin’ny famindram-pon’ny TOMPO? 1 Petera 1:3, sns.